Fankalazana ny Paka 2
**Niharihary indray ny fahoriam-bahoaka**

Lisi-pifidianan'ny CENI 2
**Befandriana no nahitana fisoratana anarana be indrindra**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 13 aprily 2023 Laharana 1424 Vidiny : 600 Ar


Hetsika amin'ny alahady 3
**Niara-nidinika ny mpitandro filaminana sy ny Tarika Ambondrona**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Filoha Rajoelina 3
# 5 volana sisa no ipetrahany amin'ny seza ankafiziny sy ifikirany io



## Depiote miera amin'ny Praiminista 2
# Efa mivadika ny tany amandanitra amin'ny depiote sy ny mpanatanteraka



## Toamasina 3
# Tsy milamina ny tanàna jiolahy 4 indray maty voatifitra



## TIM Vavatenina 2
# Nanao tanamaro fanaovandalana tany Antanamarina



## AFK 7
**Fampandrosoam-pirenena tsy ilàna famatsiambola ivelany**

## Semaine de la Telecommunication 2023 7
**Haresaka indray ny eny Vontovorona**

## Daka kely
**Aza alàna baraka ny menaka manitra raha mivatsy nareo ry Boaikely a !**

**DEPIOTE MIERA AMIN'NY PRAIMINISTRA**

# Efa mivadika ny tany aman-danitra amin'ny depiote sy ny mpanatanteraka

Tena efa toa mivadika ny tany aman-danitra raha ny zava-misy eto amintsika amin'izao fotoana, eo amin'ny fifandraisana eo amin'ny depiote sy ny mpanatanteraka eto amintsika. Nisy mantsy ny depiote, ny depioten'i Sambava faritra Sava Mamangy Norbert, na depiote Jack, nilaza fa niera tamin'ny Praiministra ny tenany, fa hitsena ny namany izay tonga tany amin'ny renivohitry ny faritr'i Sava. Tonga tany an-toerana ny depiote Siteny, sy ireo depiote mpiara-dia aminy, niarahaba azy ireo tao amin'ny seranam-piaramanidin'I Sambava ny depiote Jack, araka ny voalazany nialohan'ny nanaovany izany dia niteny tamin'ny Praiministra Ntsay Christian izy. Fa angaha moa ny lehiben'ny governemanta no lehiben'ny depiote? Ny Praiministra sy ny governemanta aza, no tokony hila ranondranony amin'ny solombavambahoakan'i Madagasikara, satria tompon'andraikitra izy ireo manoloana ny eny Tsimbazaza. Hisy izany amin'ny volana mey ho avy izao, mangataka ny fankatoavan'ireo mpanao lalàna ny mpanatanteraka, vao ho azo ampiharina ny fanitsiana ny lalànan'ny tetibolam-panjakana ohatra. Ny programan'ny governemanta dia tokony ho hankatoavin'ny Parlemanta, anisan'izany ny eny Tsimbazaza, fa tsy ny olom-boafidy no handohalika manoloana ny olom-boatendry, tena tsy nisy tato anatin'ny 60 taona koa izany, hoy ireo mpanaraka ny raharaham-pirenena. Tena tsy hain'ny depiote Jack ny asany, hadinony fa mpanara -maso ny asan'ny executive, n any mpanatanteraka izy ireo. Nanambara ity depiote ity fa tsy mbola niova hono izy, fa mbola manohana fitondrana ankehitriny. Voalazany fa niera tamin'ny Praiminisitra NTSAY Christian lehiben'ny Governemanta izay



*Ny depiote Mamangy Norbert, na depiote Jack.*

niaraka tonga tamin'i Siteny, teo amin'ny seranam-piaramanidina ny tenany amin'ny maha samy Solombavambahoaka, fa tsy misy fanohanany azy hono:"izaho dia mbola manohana sy miaraka amin'ny fitondrana mijoro ankehitriny ary tsy mbola niova no tsy hiova amin'izany, fa niera tamin'ny Praiminisitra tsara aho mialohan'ny handeha hitsena azy » , hoy ny fanazavana nataon'ity olom-boafidy ity manoloana ny fiparitahan'ny sary, ahitana azy miarahaba ny depiote Siteny. Ity farany dia nilaza fa anisan'ireo Solombavambahoaka nitsipaka ny « motion de censure », izay nataon'ireo Solombavambahoaka an-jatony mahery, tokony hanalana ny Praiministra. Izany no fahaizana depiote eto amintsika, aiza no tsy ho lanilaniana fahatany fotsiny ny volavolan-dalàna, na ny tolo-dalàna mandalo ao amin'izy ireo.

***Isambilo***

TIM Vavatenina

# Nanao asa tanamaro fanaovan-dalana tany Antanamarina

Nisy asa tanamaro nataon'ny antoko TIM: Tiako i Madagasikara, tany Antanamarina distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo, tamin'ity herinandro ity. Nisy arak'izany ny fanamboarana ny lalana tany an-toerana izay nataon'izy ireo, izany ihany koa dia ahatsiarovan'izy ireo ny filoha Marc Ravalomanana, izay manana fanamby:"amboary ny lalana eto Madagasikara", nahavitany lalana hatramin'ny 9000 km tamin'ny fotoana nitondrany. Izao asa tanamaro izao no



*Asa tanamaro, fanaovan-dalana nataon' ny antoko TIM, tany Vavatenina.*

natao, hoy ny mpikarakara dia mba hanalana fahasahiranana ny mponina, araka ny nambaran'ny mpitarika ny antoko TIM any Vavatenina, Andriamatoa Flavien Vavatenina . Taorian'ny asa niarahanaao dia niaraka nisakafo tamin'ny lambanandravina ny rehetra, araka ny fomba Betsimisaraka. Fanambin'ny TIM any an-toerana, ny hanohy ireo asa efa nataon'ny filoha Marc Ravalomanana, ary vonona izy ireo hijoro, ho famerenana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM eo amin'ny fitondrana indray.

***Isambilo***

Lisi-pifidianan'ny CENI

# Befandriana Avaratra no nahitana fisoratana anarana be indrindra

Tany amin'ny distrikan'i Befandriana Avaratra faritra Sofia, no nahitana fisoratana anarana be indrindra, tamin'ny lisi-pifidianana navoakan'ny CENI: vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana afak' omaly, namarana vonjy maika izany lisitry ny mpifidy izany. Na izany aza, mbola mitohy hatramin'ny 31 mey izay fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana izay eny anivon' ny fokontany manerana ny Nosy. Nahazo salan' isa 98% ary mitazona ny laharana voalohany amin' ireo distrika 119 manerana an'i Madagasikara ny distrikan'i Befandriana-Avaratra tamin'ny fanatratrarana ny tanjona izay



*Ny filohan'ny CED any Befandriana Avaratra.*

napetrakan'ny CENI. Nandritra ny lanonam-pamaranana ny lisitry ny mpifidy vonjy maika ity, no nanentanan'ny filohan'ny CED, Razafinarivo Jeanne Patricia ireo mpanao politika, sy fiarahamonim-pirenena any an-toerana, mba samy hanabe sy hamporisika ny olom-pirenena hanamarina ny anarany eny amin'ny fokontany, sy hanentana ihany koa ny olom-pirenena izay mbola tsy tafiditra amin'ny lisitra vonjy maika, mba ho tonga hisoratra anarana eny amin'ny fokontany izay misy azy.

Far aha momba ity lisitra vonjy maika navoakan'ny CENI ity, mbola nahitana doublons izany, izany hoe ireo anarana miverina indroa. Miisa 31029 na 46,79 % ny doublons teto Antananarivo , 10180 tany TOLIARA , 8282 Fianarantsoa ,7466 Toamasina, 5878 tao Mahajanga ary 3478 ny tany Antsiranana . Nilaza ny mpampakatenin'ny CENI Soava Andriamarotafika, fa nandritra ny fampiasana ny rindrambaiko ampiasain'ny CENI amin'izao fotoana no nahitana ireo anarana miverimberina ireo .

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fankalazana ny Paka

## Niharihary indray ny fahoriam-bahoaka

Niaraha-nahita iny fizoran'ny fankalazan'ny vahoaka malagasy ny fetin'ny Paska iny. Ny Paska izay andro lehibe hoan'ny mpino kristiana mihoatra noho ny fety hafa rehetra, satria andrin'ny finoany. Niseho ho kristiana i Andry Rajoelina kanefa toa zary manamaivana izany andro lehibe izany. Tsy ny fandehanana any ivelany na any Jerosalema akory no fanehoana fa kristiana, kanefa ny vahoaka entinao miaina ao anaty fahantrana sy fadiranovana miady mafy amin'ny fidangan'ny vidim-piainana. Raha mpanara-dia an'i Kristy tokoa dia manaraka ny fanaony sy mankato ny teniny, mitsinjo ny madiniky ny Tompo, fa tsy avela hangasihasy eo hitanatana vava, ianao anefa ary migalabona amin'ny fiadanam-be. Ny Tompo tsy nahajery ny vahoaka reraky ny hanoanana izany, fa nofahanany hanina nahavoky azy ireo. Ary anisan'ny tena nanahirana ny maso sy ny saina, dia ny nampiainana ny mponin'Antananarivo tao anaty loto sy fako. Ny faritra fanariam-pako teto an-drenivohitra tsy afa-pako tamin'iny andron'ny Paska iny. Tsy mendrika ny vahoakan'Antananarivo ny hiaina ao anatin'izany, indrindra amin'ny fotoan-dehibe toy ireny, kanefa toy ny mandeha ho azy amin'izao izany ho an'ny mpitondra milaza ho mahatsapa ny fahoriam-bahoaka. Mazava loatra, fihatsarambelatsihy no betsaka.

Na dia niseho ho nifehy ny tsy fandriampahalemana aza ny lazaina ho mpitandro filaminana tamin'iny andro lehibe sy fety iny, dia tsy midika akory fa milamina ny amin'ity sehatry ny fandriampahalemana ity eto amin'ny firenena. Mbola olana lehibe io amin'izao fotoana izao, ary mbola mandry tsy lavo loha ny vahoaka. Ny fahatratrarana jiolahy sy dahalo, ka na matin'ny mpitandro filaminana aza ny sasany dia tsy hahafoana ny asa ratsin'izy ireo izany. Tsy maintsy misy hatrany jiolahy na dahalo vaovao mipoitra. Anisan'ny fisehon'ny fahantrana lalina izany ary fahantrana no antony iray lehibe manosika azy ireo hanao ny asa ratsy. Olana iray lehibe anisan'ny tsy voavahan'izao fitondrana Rajoelina izao io toe-javatra io.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Ony R.

NY VALOSOA VAOVAO — Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Rajoelina

# 5 volana sisa no ipetrahany amin'ny seza ankafiziny sy ifikirany mafy io

Tsy mahay na tsy manana tetikady matipaika entina miady amin'ny tsy fandriampahalemana, sy ny famoahana antsokosoko sy fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena ary ny famaizana ireo mpandika lalàna ny ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao, kanefa 5 volana sisa no hipetrahany eo amin'io seza ankafiziny sy hifikirany mafy amin'ny fomba rehetra io. Roa amin'ireo Filoham-piangonana efatra ao anatin'ny FFKM no nampita hafatra ho an'ny mpitondra sy ny kristiana tamin'ny andron'ny Paska. Ny Kardinaly dia nanipy tamin'ireo mety ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena, mba tsy haraotina ho fitaovana entina hanao « bizina » izany. Ny Filohan'ny FJKM indray dia nanao kisarisary mba tsy ho mpifidy hifidy « jiolahy » toy ny nataon'ny jiosy nifidy ny jiolahy Barabasy fa tsy ny Mpamonjy Jesosy. Tsy misy afaka mandà fa « bizina » sy fandikan-dalàna no nataon'ny depiote iray nampanapaka sy nampitatitra hazo sarobidy kanefa mody fanina, fa hoe tsy fantany fa raràn'ny lalàna ny fanapahana sy fitandrahana izany. Lazaina fa manjaka ny mpijirika (jiolahy sady mpanao bizina) ao amin'ny Minisiteran'ny Atitany momba ny famoahana pasipaoro. Tsy azo odiantsy hita fa misy jiolahy ao amin'ny Minisiteran'ny Harena an-Kibon'ny tany matoa nivadika ho bolongam-by ny volamena 36 kilao tao anaty "coffre". Vao omaly ny omaly indray no tratra tany Mahajanga ny vatosoa milanja 182 kilao, ka bizina ve sa fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena itony tranga itony. Tsy fantatra intsony koa na bizina na efa mitory fa mitombo sy miha-mahazo laka hatrany ny tsy fandriampahalemana ary mety mampitombo hery ny jiolahy raha tsy tratra ny basy sy ny bala tany Toliara. Efa tsy takona hafenina intsony fa mian-dahy, miambavy ary ankizy tsy ampy taona no mirotsaka amin'ny asan-jiolahy sy amin'ny fifohana zava-mahadomelina. Tra-tehaka ny ankizy kely midoroka zava-mahadomelina tany Toamasina, ary toy izany koa ny mpidaroka "bois rond" mpandalo eny amin'ny « Rocade ». Efa mampiseho fa miasa ny mpitandro filaminana matoa voasambotra ny jiolahy sy ny mpibizina, ka heverina fa any amin'ireny tranga ireny no tena anompanan'izy ireo ny heriny sy ny fahaiza-manaony, fa tsy amin'ny fanakantsakanana ny olompirenena tsy hivezivezy dia handry fahalemana ny tany. Nanamafy ny nisian'ny « doublons » sy ny tsy fahatombombanana tamin'ny lisitry ny mpifidy ny Ceni, na dia mifanalavitra be tamin'ny nolazain'ny Filoha Lefitry ny Ceni teo aloha aza ny isany. Tsy mbola hahafahana milaza anefa izany, fa mampiverina ny fahatokisan'ny olompirenena ity Vaomiera Mahaleotena ity izany, satria tsy ny rafitra no miteraka olana fa ny mpikambana ao izay mpiandany amin'izao fitondrana izao izy rehetra. Nihaona tamin'ny Filoha israeliana hono ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Rajoelina Andry, ka momba ny famatsian-drano, ny angôvo sy ny fambolena ary ny fampianarana no anisan'ny nifantohan'ny resaka tamin'izany. Tsy misy vahaolana hitan'ny fitondrana daholo ireo rehetra ireo amin'izao fotoana izao. Porofon'izany ny filaharana « bidons jaunes » efa aman-jatony eny amin'ny paompy, eo koa ny fahatapahan'ny rano any an-trano ho an'ireo manana izany sy ny rano maloto mivoaka amin'ny « robinets ». Ny delestazy dia mitohy tsy misy fiafarany izay misy fiantraikany amin'ny asa fivelomana ho an'izay mampiasa rianaratra. Tsy tokony ho nisy olana ny famokarana, indrindra ny vary, raha nifototra tamin'ny fanamboarana fotodrafitrasa toy ny barazy, na ny fanatsarana ireo lakandrano manondraka ny tanimbary izao fitondrana izao, fa tsy nanangana kianja tsy miteraka vokatra sy mampidi-bola ho an'ny vahoaka. Raha ny fampianarana no asian-teny dia mikorosy fahana ny haavo lentan'ny ny fari-pahaizan'ny zaza malagasy. Manangana sekoly "manara-penitra" hono ny mpitondra kanefa ny trano fianarana any amin'ny tany lavitr'Andriana any vita amin'ny "rotsopeta" ary ny mpianatra manao ladina an-tany. Raha ny eny amin'ny ambaratonga ambony indray dia tsy voaloa ny vatsim-pianaran'ny mpianatra amam-bolana maro, ary indraindray aza tsy voaloa ihany koa ny karaman'ny mpiasa (Personnel Aministratif et financier), sy ny "heures complémentaires" ho an'ny mpampianatra. Na izany na tsy izany dia mampanantena indray ny mpitondra fa ho raisina ho mpiasampanjakana ireo mpampianatra Fram amin'ny taona 2028. Fangataham-bola an-kolaka indray angamba no ataon-dRajoelina Andry ary ho mirazotra amin' izany, ny hanomezana azy ny amboaran'ny "tompondaka" amin'ireo sehatra ireo. Efa sehatra roa tokoa no nanolorana azy ny amboarana tompodaka, koa raha miampy an'ireo izany dia izy no prezidà tanora indrindra aty Afrika ary ho tompondaka amin'ny sehatra maro maneran-tany, anisan'ny maha-tompondaka azy eo amin'ny tsy fahaizana mitantana indrindra, sy ny tompon-daka amin'ny fahaiza-mandainga. Raha hisafidy ihany aleo ho tompondaka amin'ny haiady iray toy ity tovovavy Malagasy tompondaka amin'ny "judo" ity. Aleo manetritena dia misandratra ho azy eo toy izay manandran-tena, ka hidaraboka hihoso-potaka sy ho afa-baraka.

***Andry Tsiavalona***

Toamasina

# Tsy milamina ny tanàna, jiolahy 4 indray maty voatifitra

Miseho lany saika isan'andro ny trangana tsy fandriampahalemana any Toamasina renivohitry ny faritra Atsinanana. Midika izany fa tsy milamina ny tanàna. Na izany na tsy izany, manao ny asany ny mpitandro filaminana any an-toerana. Omaly, jiolahy miisa 4 no lavo raha nifanehatra tamin'izy ireo. Raha tsiahivina tamin'ity herinandro ity, nisy ny fanafihana mitam-basy tao Toamasina, very tamin'izany ny vola 18.700.000 ariary, nisy ihany koa fifampitifirana teo amin'ny mpitandro filaminana sy ny jiolahy ka nahafatesana jiolahy 4 nandritra izany. Nisy fanafihana mitam-basy tao akaikin'ny Lyçée Technique Toamasina afak'omaly tamin'ny 3 ora sy sasany hariva. Mpiasa iray nanao "recouvrement", na naka vola, no nosakanana lehilahy 4, ny roa teo aloha nitondra antsy, ary ny tao aoriana nitondra basy. Nodarohan'izy ireo vody basy ilay mpiasa ary lasany ny vola 18.700.000 ariary. Omaly maraina, nisy jiolahy 4 lavon'ny balan'ny mpitandro filaminana tao amin'ny Cimétière, teny an-dalana hanafika izy ireo, no nifanehitra tamin'ny mpitandro filaminana, azo kosa ny basy nentin'izy ireo nanafika. Mety ho ireo jiolahy nanafika ilay mpiasa afak'omaly ihany, ireto maty ireto, ho fantatra amin'ny fanadihadiana ataon'ny tompon'andraikitra ihany izany.

***Niaina***



*Ireo jiolahy miisa 4, lavon'ny mpitandro filaminana tany Toamasina.*

## HETSIKA AMIN'NY ALAHADY

# Niara-nidinika ny mpitandro filaminana sy ny Tarika Ambondrona

Azo lazaina ho mbola hitohy amin'ny alahady ho avy izao ny fety eto Antananarivo Renivohitra. Hanatanteraka hetsika goavana ankalamanjana, etsy amin'ny Araben'ny Fahaleovantena Analakely ny Tarika Ambondrona amin' io andro io. Noho izay antony izay, sy noho ny maha tena goavana ny hetsika, niara-nidinika ny momba ny ho fandaminana izany, tamin'ireo tompon'andraikitra isantsokajiny misahana ny resaka filaminana sy fandriampahalemana ny tarika Ambondrona omaly. Voaresaka nandritra izany ny momba ny fiarovana ny olona, fiarovana ny fitaovana, fiarovana ny toerana sy ny zava-misy eo aminy. Ny fampiasana ny làlana, ny fahadiovana, ny vonjy taitra samihafa... Tarika anisan'ny mahazaka olona, sy anisan'ny malaza indrindra eto amintsika amin'izao fotoana ity tarika ity, hifanitsa-kitro noho izany ny alahady izao ny etsy Analakely. Mazava ho azy fa tsy maintsy ho tapaka ny lalana ao afovoan-tanànan'ny renivohitra ao. Ny irariana dia hilamina tsy hisy tomika izany fampisehoana lehibe sy goavana izany.




*Ny Tarika Ambondrona sy ireo mpitandro filaminana.*

***Isambilo***

*TONONKALO*

## APETRAHO NY FIALANA

Izay rehetra ataonareo, tsy misy iray mba hoe mangirana ,
Mainka koa manampy izany ny ady sy ny fifandirana.
Izany hoe firaisan-tsaina, lavitra anareo angamba.
Fa sasana an-kavoriana ny maloto toy ny lamba !

Efa tapitra manondrana na ny vavy na ny lahy.
Toy ny efa lany henatra sy tsy manana fanahy,
Ka dia ny toetra maha mpitarika no tsy itafiana intsony,F'efa
zary toa mitanjaka ianareo ery ambony !

Na fiteny na ny fihetsika, efa lasa tsy voafehy.
Mba lohany kanefa indrisy fa mazàna mampihomehy .
Tsy hoe indroa na hoe intelo f'efa imbetsaka mamalana,
Izany ve no mba mpitondra, sao mpitondra diso lalana !

Efa tapitra manondrana saingy tsy ahitam-panafana .
Raha tsaraina, aotra roa no hany hita eny amin'ny fafana,
Ka ny mety, tsotra ihany ry mpitondra fanjakana,
Izao no ora tsara indrindra: apetraho ny fialana !

***TSIMIMALO (06-04-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

F.A.

**Nanatanteraka asa tanamaro fanaovan-dalana, tany Antanamarina distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo, ny antoko TIM any amin'iny faritra iny, notarihan'Andriamatoa Flavien Vavatenina.**









**Niara-nisakafo tamin'ny lambanan-dravina ny rehetra tao aorian'ny asa tanamaro fanaovan-dalana.**










## NY TENY FIAINANA




*"Eny tokoa, fa ataoko fatiantoka ny zavatra rehetra, ka ataoko ho taimboraka ireny mba hahazoako an'i Kristy. "*
***Filipiana 3:8***

BASKET ANKOAY U19

# Miatrika fampivondronana any Elan-Chalon France

Nanomboka tamin'ny alatsinainy 10 aprily 2023 teo, ny fampivondronana (fiofanana ara-teknika, fanazarantena miampy lalao fitsapana maro), hataon'ireo mpilalao basikety Ankoay U19 Malagasy, any amin'ny "centre sportif d'Elan-Chalon Fracnce", ho fanomanana ny handraisan' izy ireo anjara amin'ny fiadiana ny amboara erantany taranja Basket-ball U9 izay hatao amin'ny 24 jona, ka hatramin'ny 2 jolay 2023 ho avy izao any Debrecen HONGRIE. Tamin'ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety nataon"ny FMBB sy ny Telma teny amin'ny "Campus Telma Andraharo" ta-




*Valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Andraharo.*

min'ny zoma teo, no nampahafantarana ny antsipiriany mikasika an'izany fanomanan-tenan'ny Ankoay izany. Tamin'ny alahady 9 aprily 2023 lasa teo no nanainga teny Ivato ny delegasiona nihazo an'i Frantsa, notarihin-dRandriamandimby Harinirina Jimmy Désiré (FMBB) sy ny mpanazatra Randria Aimé Alain Marcel ary nahitana mpilalao miisa 9: ny Kapiteny : ANDRIATSARAFARA Lovasoa Ny Aina Andyerson, RABIBISOA Jerry Pépin, RANDIMBIARIVELO Rino, MIRANDO Levah Maharo Andriantsiferana, EMMANUEL Yves Victorien Leon, HERITIANA Fabrizio Mickaël Patrick, BE Richcard, TOVOLALAINA Mariano Sylvain, TSIHINDINY Laurent Tahintsoa Junnhio O'Neal hiatrika an'izany fanomanan-tena izany nanomboka tamin'ny alatsinainy 10 aprily 2023 ka hatramin'ny 28 aprily 2023 ho avy izao. Ireo Mpilalao efa any Frantsa kosa dia ahitana an-dry M'MADI Mathias, RaANDRIANALINJAFY Dina, RAHARINAIVO Zoherimalala Davida, RAOLOMPANATENA Thesbon Sydney.

***Rainilita***

Ligin'ny basikety any Antsirabe

# Nanatanteraka Mini-basket eo am-piandrasana ny N1A lahy sy vavy

Nifarana omaly alarobia 12 aprily 2023, tany amin'ny kianja Ranovisy Antsirabe, ny hetsika Mini-baket U-12 nokarakarain' ny ligim-paritry ny basikety ao Vakinankaratra, notarihan'ny filohany, Ralalaharison Mickael, izay tafiditra indrindra amin'ny vina fiezahan'ity ligy ity manatsara ny tontolon'ny basikety any an-toerana, sy nentina ihany koa nanentanana ny olona tsy an-kanavaka any Vakinankaratra ho tia an'ity taranja basikety ity, eo am-piandrasan-dry zareo ny handraisany ny fifaninanana nasionaly N 1 A lahy sy vavy, izay ho tontosaina hanomboka amin'ny sabotsy 15 ka hatramin'ny alahady 23 aprily 2023 ho avy izao ao amin'io kianja mitafon'i Vatofotsy io. Ekipa 11



***Ny filoha sy Sg ny Ligin'ny basikety any Vakinankaratra.***

avy ao Antsirabe sy avy any Behenjy ary avy any Ambatolampy, no nandray anjara tamin'ity hetsika Mini-basket U 12 tany Antsirabe ity, ka ny sokajy zazalahy tamin'ireo dia nahatratra 7 ary ny sokajy zazavavy niisa 4. Voatery nampiasa an'ity kianjan'ny kaominina eto an-dRanovisy ity izahay, hoy ny Sg-n'ny Ligy, Razafindandy Samson tafaresaka nivantana taminay tany an-toerana, noho ny olana tsy fahampiana foto-drafitrasa handraisana lalao basikety eto Antsirabe. Eo am-pikarohana mpiara-miombon'antoka matotra afaka hampandroso ny basikety aty Vakinankaratra ihany koa izahay ankehitriny, hoy izy, nefa na izany aza dia ho tolorana medaly sy amboara kalisy avy amin'ny herin'ny tenanay ireo mpandresy amin'ity hetsika ity. Mikasika ny fifaninanana nasionaly N 1 A kosa dia nambaran'ireo tompon'andraikitra avy amin'ity ligy ity, fa efa vonombonona avokoa ny pitsompitson'ny fandraisana an'izany fifaninanana izany, fa ny fotoana sy ireo mpandray anjara sisa handrasana, ka rehefa tonga izy ireo dia ho tanterahina amin'ny zoma 14 aprily tolakandro ho avy izao ny "séance de travail" mialohan'ny hanombokan'io fifaninanana io. Amin'ny alahady 16 aprily 2023 hanomboka amin'ny 4 ora hariva kosa ny lanonana fanokafana ofisialy an'ity fifaninanana ity. Ho an'ny ligin'i Vakinankaratra manokana izay hivondronan'ny seksiona miisa 7 dia manana mpilalao "licenciés" miisa 1015 eo amin'ny sokajy U12 ka hatramin'ny sokajy N 1 A sy Vétérans lahy sy vavy izy ireo, araka ny nambaran'Andriamatoa Mickael filohany. Ekipa lehilahy 1 sy ekipa vehivavy miisa 4 kosa no handray anjara amin'ny fifaninanana N 1 A 2023.

***Rainilita***

Volley-Ball any Antsirabe

# Nanimba fandaharam-potoana ny tsy fahatongavan'ny ekipan'ny Mamisoa

Nanimba fandaharam-potoana efa voafaritra sy ny fandaharam-potoanan'ireo ekipa mpandray anjara, hoy ny DTN ny taranja volley-ball am-perinasa, Razafinjatovo Jean Honoré tafaresaka nivantana taminay tany Antsirabe, ny tsy fahatongavan'ny ekipan'ny Mamisoa sokajy D – 2 tamin'ny ora farany, miatrika ny fifaninanana volley- ball « Coupe de Madagascar Jeunes U 14, U16, U20 » sy ny «Championnat de Madagascar 2023, 2DF sy 2DM » hatao any amin'ny kianja mitafo « Gymnase Couvert Fihaonana », eny amin'ny Acmil Antsirabe, sy ao amin'ny kianja Ensoa ao Antsirabe ihany, na dia efa nanao « engagement » mazava tsara izao aza izy ireo, ny handray anjara amin'ity fifaninanana ity. Ligy 6 no mandray anjara amin'ireo fifaninanana ireo



***Fifaninanana volley- ball Malagasy.***

amin'ny ankapobeny dia Vakinankaratra mpampiantrano, Analamanga, Atsinanana, Atsimo Andrefana, Boeny ary Ihosy, izay marihana fa samy mianto-tena avokoa izy ireo amin'izao hivahinianany any Antsirabe izao, fa ny kianja hilalaovana toy ny kianja mitafon'Akondrano, sns… ihany no hanampian-dry zareo MJS ny taranja volley- ball Malagasy amin'ny alalan'ny Tafita. Na dia izany aza anefa dia tsy nahazo ny kianja mitafon'i Vatofotsy any Antsirabe ity fifaninanana volley- ball ity na dia efa naroso tamin'ny faha-4 aprily teo aza ireo fifaninanana, mba tsy hifanindriana amin'ny fifaninanana basikety hatao any an-toerana ihany koa. Marihana fa amin'ny zoma 14 aprily 2023 izao no hifarana ireo fifaninanana ireo, izay natao indrindra ho fanombohana ny taom-pilalaovana volley-ball 2023, sady famaranana ny fotoam-pitondran'ny FMVB izay hanatanteraka fifidianana aorianan'ny Lalaon'ny Nosy 2023. Ampahana vokadalao tamin'ny sabotsy 8 aprily 2023 teo : U16_Filles * EVBFi (2) vs EVRA (0) : 25/00 - 25/00 * ASI (2) vs GNVB (1) : 23/25 - 25/22 - 15/13 U20_Filles * BI"AS (3) vs GNVB (0) : 25/23 - 25/18 - 25/14 * STEF'AUTO (3) vs EVBA (0) : 25/10 - 25/13 - 25/20 U20_Garçons * ASI (3) vs GSVBC (0) : 25/22 - 25/22 - 25/23 * EVRA (3) vs MVBC (2) : 20/25 - 26/24 - 24/26 - 27/24 - 15/13 2DF * AVBA (3) vs ASSM (1) : 25/20 - 25/19 - 17/25 - 25/14 2DM * AVBC (3) vs ABVA (0) : 25/15 - 30/28 - 26/24 * NADJ (3) vs SDV (0) : 25/16 - 25/20 - 25/21.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Fromage de tête sy lasary voatabia,** na lasary tômaty indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Sady azo atao tsakitsaky, no azo atao laoka ny fromage de tête. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa


# Fanafana amin'ny gros cœur : aretim-po, fo miha-lehibe

Fanafana amin'ny aretina antsoina hoe gros coeur: na aretim-po, fo miha-lehibe indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Fomba fitrangany :
- Fikorontanan'ny fidobokin'ny fo ( palpitation).
- Marary ny kibo, mikorontana ny kibo ohatran'ny misy rivotra.
- Marary ny tratra, misy manindrona.
- Mikohoka rehefa matory mitsilany.
- Fanina.
- Reraka.
- Sempotra.
- Mivonto ny tongotra na misy rano miangona, indrindra ny cheville ( kitrokely ), tongotra .

Antony mahatonga ny gros coeur :
- Tsy fahampiana rà.
- Diabeta.
- Vokatry ny sigara , ny alkôla.
- Tosi-drà ambony.
- Tavy ( obésité).
- Tsy fahampiana otrik'aina avy amin'ny sakafo.
- Stress.

Zavatra tokony hatao raha misy ilay gros Coeur, ankoatran'ny fanafodin'ny dokotera:
- Ajanony ny sigara, sy ny alkôla.
- Ajanona na ahena ny fihinanana siramamy.
- Mampiasa vatana, mandeha an-tongotra.
- Ahena ny sira.
- Atao ampy ny torimaso.
- Ezahana fehezina ny rarintsaina na ny stress.
- Misotro rano be.

Ireto ny sakafo tsara hanina:
- Tongolo gasy.
- Brocoli.
- Chocolat.
- Asperges.
- Lentille
- Trondro Saumon;
- Dite maitso na thé vert.
- Noix , amande.
- Epinard.
- Tomates na voatabia.
- Vary mena.




## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andapafito distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Andapafito distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andapafito ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy, mbola tsy tena avo toerana izy, satria 210 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila, ny voankazo toy ny letchi, ny manga.





ASA FANAOVAN-GAZETY

# Tontosa ny alatsinainy teo ny fandevenana an'i Solofo Ratsifa

Tontosa tamin'ny alatsinainy 10 aprily 2023 teo, teny amin'ny fasan-drazany eny Ambohitrinimamba Ambatolampikely, rehefa avy natao veloma farany nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, tao amin'ny fiangonana Fjkm Andrainarivo Fahasoavana, ny fandevenana ny nofo mangatsiakan'i Ratsifandrihamanana Solofo Mamy na Solofo Ratsifa, teo amin'ny sehatry ny fanoratana. Marihana fa tamin'ny sabotsy 8 aprily 2023 teo amin'ny faha-67 taonany, no nindaosin'ny fahafatesana ity zokiolona anisan'ireo mpanao gazety sangany namolavola namana maro teo amin'ity asa ity, Ratsifandrihamanana Solofo Mamy, izay fantatra indrindra teo amin'ny fanadihadiana ny taranja baolina kitra, sy ny familiana fiarakodia ary ny taranja tenisy. Nanoratra tao amin'ny Midi Madagasikara, sy niasa tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina Ma-Tv izy fahavelony ary izy no namorona sy nanolotra ny fandaharana Ma-Hery voalohany. Mpampianatra fanatanjahatena nivoaka avy eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, i Solofo Ratsifa. Mpikambana tao anatin'ny AJSM "Association des Journalistes Sportifs de Madagascar" tamin'ny fotoan'androny. Namela manantena sy kamboty mianadahy ary zafikely maromaro izy, izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Mirary fionona feno ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviany ary ny fianakaviamben'ny asa fanaovan-gazety Malagasy, izahay eto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao iray manontolo.


*Ny fanaovam-beloma farany an'i Solofo Ratsifa.*

**Rainilita**

Hand-ball Education Weeks 2023

# Ho tanterahina amin'ny volana mey sy oktobra izao

Ho tanterahina amin'ny volana mey sy oktobra 2023 ho avy izao ny herinandro fampiofanana handball «Education Weeks», natokana hoan'ireo mpanazatra sy mpilalao ary ireo liana amin'ny taranja hand-ball manerantany, ka ny "Fédération Internationale de Handball" (IHF) no hikarakara an'izany. Toy izao ireo fandaharam-potoana harahina amin'izany : 1) Beach Handball Education Week (webinaires sur différents sujets liés au beach handball): 15 – 21 mai 2023 2) Coaches and Referees Education Weel (webinaires destinés principalement aux entraîneurs et arbitres): 10 – 16 juin 2023 3) Children's Handball Education Week: (webinaires sur le handball pour les enfants) : 4 – 10 septembre 2023 4) Youth Coaches Education Week (webinaires destinés principalement aux entraîneurs de la jeunesse): 18 – 24 septembre 2023 5) Wheelchair Handball and Management Education Week a) Management Education Courses (webinaires sur la gestion dans le handball): 2 – 5 octobre 2023 b) Wheelchair Handball Education Courses (webinaires sur le handball en fauteuil roulant): 6 – 8 octobre 2023.



*Handball «Education Weeks 2023 ».*

**Rainilita**

Orange Pro-League 2022-2023, Playoffs

# Ny ekipan'ny Cffa Andoharanofotsy no faha-3 tafita

Ny ekipan'ny CFFA Andoharanofotsy no faha-3 tafita amin'ny Playoffs ny Orange Pro-League 2022-2023. Taorian'ny fahatanterahan'ny andro faha-12, izay notanterahina tamin'ny herinandron'ny Paska 2023 teo, ka nahazoana ny vokatra : Cosfa (1) – (1) Tffc, Uscafoot (0) – (1) Ajesaia, Asa Diana (3) – (1) Fosa Juniors Fc, Tia Kitra Fc (1) – (2) As Fanalamanga, Cffa (1) – (0) 3Fb Toliara, Zanakala Fc (2) – (2) Disciples Fc, Jet Kintana (0) – (1) Mama Fc, Elgeco Plus (1) – (0) Dato Fc dia fantatra, fa ny ekipan'ny Cffa Andoharanofotsy « Conférence Sud » manana isa 22 no ekipa faha-3 tafita amin'ny dingana « Playoffs » amin'ny fifaninanana baolina kitra «Orange Pro-League 2022-2023 ». Marihana fa ny ekipan'ny Mama Fc manana isa 20 no faha-2 manaraka azy ao amin'ity « Conférence Sud » ity ary ny ekipan'ny Elgeco Plus (isa 19) no laharana faha-3. Ao amin'ny « Conférence Nord » kosa dia ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc manana isa 28, no mitana ny laharana voalohany arahan'ny Cosfa (isa 24) ary ny As Fanalamanga (isa 20).



*Ny Cffa Andoharanofotsy 2023.*

**Rainilita**

Mpanao Judo Rasoanaivo Razafy Laura

# Nahazo medaly volamena 2 indray tany Luanda

Nahazo medaly volamena indray ny mpanao Judo Malagasy Rasoanaivo Razafy Laura, tamin'ny faran'ny herinandro teo, teo amin'ny sokajy "Senior" latsaky ny 70kg, nandritra ny fifaninanana Judo "Luanda African Cup", natao tany Luanda Angola. Medaly volamena miisa 2 no azon'i Laura nandritra ity fifaninanana ity dia ny teo amin'ny Sokajy Junior -70kg sy ny Sokajy Senior -70kg. Arahabaina hatrany i Laura sy ny Judos Malagasy, tsy mitsahatra mamiratra aty Afrika.

**Rainilita**


*Rasoanaivo Razafy Laura tany Luanda.*

Tounoi de Pâques National 2023 »

# Andro faha-3 amin'ny fifaninanana omaly

Andro faha-3 amin'ny fifaninanana baolina kitra « Tounoi de Pâques National 2023 », karakarain'ny club 3Fa Avaradrano, izay tanterahina ao amin'ny kianjan'ny Fifankatiavana kaominina Ankadikely Ilafy, omaly alarobia 12 aprily 2023. Marihana fa tontosa tamin'ny alatsinainy 10 aprily 2023 teo, ny fifanintsanana isambondrona ho an'ny sokajy 08, 10, 12, 14 taona amin'ity fifaninanana ity. Ny sokajy 16 taona indray, no niakatra kianja tamin'ny talata 11 aprily 2023. Marihana fa Faritra miisa 5 no nahatonga solontena miatrika an'ity fifaninanana ity. Faritra: Analamanga : 3fa Avaradrano, Fc Viva Antehiroka, B102 Atsimondrano, Afc Ankadikely, Jhaboady Mena Ambohitrarahaba, Jsa Antanety , Soldat Sab/Nam, Varatra Androhibe, Asa Androhibe, Etoile Foot Ambohitrarahaba, Ersa Antandrano, H+ Sab/Nam, Tfs Seranina Ambohipanja, Espoir Mada Itaosy, Tri J Ambohimanarina, Iman Ankadikely, Faritra Betsiboka : Scorpions, Avenir, Ekar, Faritra Boeny : 3f miray, Faritra Bongolava : Jet Académie, As tam Sakay, Faritra Itasy : Efai.

**Rainilita**


*Ekipa mpandray anjara eny Ankadikely.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**08/04/2023 hatramin'ny 15/04/2023**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1424-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Fampandrosoam-pirenena tsy ilàna famatsiambola avy any ivelany

Fisainana mahazo faka amin'ny mpitondra nifandimby teto amin'ny firenena, hatramin'ny niverenan'ny fahaleovantena mandraka ankehitriny, ny fiankinan-doha amin'ny mpampindram-bola sy mpamatsy vola avy any ivelany na mpampiasa vola vahiny. Nambara mandrakariva mihitsy, fa ny ampahany be, hatrany amin'ny 60% mahery, amin'ny vola ampiasain'ny fitondrana ho fampandehanan-draharaha, dia avy any ivelany avokoa. Izany hoe, tsy afa-mihetsika ny fitondrana ary tsy afa-manao n'inona n'inona raha tsy misy izay fanampiana ara-bola avy any ivelany izay, ary midika ho fampiankinan-doha tanteraka ny firenena izany. Dia tsy misy mpitondra fanjakana ve na manampahaizana malagasy momba ny toekarena eo anivon'ny fitondrana hahita fomba hafa ialàna amin'izany. Satria mazava loatra, mampahantra tsotra izao ny firenena izany. Sady indrindra, i Madagasikara rahateo, na mahantra aza ny mponina eo aminy, dia feno harem-be maro isan-karazany na ambanin'ny tany, na ambonin'ny tany, na an-dranomasina izay ananany faritra midadasika be tokoa.

Efa misy olom-pirenena sasany kivy, fa tsy tafavoaka intsony ity firenena ity, raha amin'izao tranga misy azy ankehitriny iaraha-mahita sy iainana izao. Tsy omena tsiny velively izy ireo, ary ampaherezina ihany koa satria tsy tokony ho foana ny fanantenana. Ankehitriny mantsy, dia misy ny paik'ady vaovao lehibe manana tanjona ny hanàla ity firenena ity ao anatin'izao fahantrany lalina izao. Paik'ady izay hahafahana manarina ny firenena ary mampisandratra azy hitovy amin'ny firenen-drehetra mandroso eran-tany. Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), no manana izany paik'ady vaovao be izany, izay tsy ilàna fampisamborana na famatsiam-bola avy any ivelany toy izay an-taonany maro izay (IDE), fa famatsiam-bola anatiny (IDA) ihany. Misy ihany ny manampahaizana malagasy, ary ao anatin'ny AFK, afaka hitady vahaolana hoan'ity firenena mahantra ity. Mitaky fanovàna toetsaina goavana izany, sy fijoroan'ny olom-pirenena ary fandraisany andraikitra. Tsiahivina, fa ny alatsinainy 17 April hoavy izao, dia hanatanteraka varavarana misokatra eny Antaninarenina ny AFK, ary hanasany izay liana sy vonona hiara-hientana aminy. Fifandraisana: 034 17 460 53.

**Aris**



*Volamena anisan'ny harena hananan'i Madagasikara.*

Semaine de la Telecommunication 2023

# Haresaka indray ny eny Vontovorona

Haresaka indray eny amin'ny CUR Vontovorona amin'ity herinandro ity, saingy tsy amin'ny lafiny fitokonan'ny mpianatra amin'ity indray mitoraka ity, fa eo amin'ny lafiny ara-pifandraisana kosa. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny talata 11 aprily 2023 teny an-toerana ny hetsika « Semaine de la Telecommunication 2023 », karakaran-dry zareo mpianatra eny an-toerana mivondrona ao amin'ny GET « Groupement des Etudiants en Telecommunication », ka ny mpampianatra lehiben'ny « Mention Telecommunication » ao amin'ny ESPA no nitarika an'izany. Nanomboka ny famelabelaran-kevitra kosa tamin'io andro talata io ny orinasa Malagasy niisa 3 be izao, ka anisan'izany ny « Groupe Axian » misy ny Telma Madagascar. Marihana fa hetsika fampahafantarana an'ireo tanora mpianatra ao amin'ity « Mention Telecommunication » eny Vontovorona ity, izay ho mety ho lalan-kizorany rehefa mby eo amin'ny sehatry ny asa izy ireo aorian'ny fianarana ataony eny an-toerana. Omaly alarobia 12 aprily 2023 kosa dia naneho mivantana ny fahaiza-manaony norantovina teny amin'ity Oniversite ity ireo mpianatra voakasiky ny hetsika ary anio alakamisy 13 aprily kosa dia hisy ny fifaninanana ara-panatanjahantena basikety sy baolina kitra «Interclasse », hifandonan'ireo samy mpianatra eny Vontovorona mazava loatra an-daniny, sy hikatrohan'ny mpianatra sy mpampianatra ihany koa an-kilany . Amin'ny zoma 14 aprily 2023 kosa eny amin'ny By-Pass no hanatanterahana ny « Grand réception pour accueillir les nouveaux étudiants Lt et Pot d'adieu M2 » ary lanonampamaranana an'ity hetsika ity.


**Rainilita**



*Fanokafana teny Vontovorona tamin'ny talata.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 430




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0429)

**Mitsivalana**
- Andriana
- Kiraro
- Fo (miv) – Naka
- Nindrana
- Ory
- Rà – Imamo
- Otra – Hao

**Mitsangana**
- Akondro
- Nify – Ta (miv)
- Dr – No
- Randria
- Mirary (miv)
- Aoka – Ha (miv)
- Amena (miv)
- As – Oo

## TENY MIFANAPAKA N° 430



**Mitsivalana**

**1.** Havizanana **2.** Ranom-bava – Maneho ranomasimbe **3.** Rindran-teny **4.** Fitaovam-pihinana – Saka **5.** Vonjeo, tsinjovy **6.** Kitapo nifonosana – Anelanelan'ny valo **7.** Biby masiaka (miv) – Matoanteny (miv) **8.** Tsy tokony natao fa mandatsa – Asa **9.** Fankatoavana (miv) **10.** Aiza ? – Azo amin'ny voaloboka

**Mitsangana**

**A.** Hamendrehana **B.** Aotra – Ankasitrahana **D.** Tarihinay **E.** Lapan'ny mpanjaka (miv) – Ahodina (miv) **F.** Vahiny aziatika – Vizana **G.** Lio – Leha (miv) **H.** Marika – Solfa **I.** Lovia (miv) – Tontosa (miv) **J.** Bengy – Tovona **K.** Maneho fivoriambe – Bibikely mangidihidy

### Valiny Teny mifanaraka 0429

**Mitsivalana**

**1**.Latabatra **2.** Tale (miv) - Antso (miv) **3.** Hanitra - Ar **4.** Iny - Reko **5.** Lanitra - Na **6.** Koa (miv) - Enina **7.** Nka **8.** Lasantsy (miv) **9.** Tsiny - Ota **10.** AAA - Aviavy

**Mitsangana**

**A** Lehilahy **B.** Alanao - Sta **D.** Taninketsa **E.** Aty - Ny **F.** Tetezana **G.** Roa (miv) - RN - Siv(y) **H.** Tsaraina **I.** RT - Naloa **J.** Kankana (miv) - TV **K.** Aroa - Anay

## Ry olom-pirenena feno 18 taona

# Hatramin'ny 31 Mai 2023 ny fara fisoratana anaty lisim-pifidianana!!

# ZO SY ADIDY NY MIFIDY

La Gazette de la Grande Ile
www.lagazette-dgi.com La vérité imprimée

### FANAMBARANA

Izahay LA GAZETTE DE LA GRANDE ILE dia manambara fa misy Page Facebook sandoka mampiasa ny anaranay, koa tsy tompon'andraikitra ny amin'izay voambara anatin'izany izahay. Manameloka ny fampiasana sy fisandohana ny anaranay izahay ary miantso ny tompon'andraikitra voakasika handray ny fepetra mifanandrify amin'izany.

Ny Fanoratana

### COMMUNIQUÉ

Nous, LA GAZETTE DE LA GRANDE ILE, " La Vérité imprimée ", portons à la connaissance du public qu'une Page Fake à notre nom, a été créée sur Facebook. Aussi, nous déclinons toute responsabilité quant à toute publication ou information véhiculée sur ladite page qui ne nous est aucunement affiliée. Nous condamnons fermement l'utilisation et l'usurpation de notre nom et interpellons les responsables concernés à prendre les mesures qui s'imposent par rapport à cela. Aussi, nous nous excusons pour toute confusion ou tout désagrément que cela a pu causer et nous assurons à nos lecteurs et au public que nous prenons toutes les mesures nécessaires pour résoudre ce problème.

La Rédaction